Ny Valosoa sy hadihady

11 febroary

Andro tsy tokony ho hamaivanina amin'ny tranga hafa

Andro iray manana ny tantarany miavaka eo amin'ny fiainam-pirenena sy ny tantaram-pirenena mihitsy ny andron'ny 11 Febroary. Andro izay ahatsiarovana ny namonoan'ny fahavalom-pirenena ny olomangan'ny firenena, ny kolonely Richard Ratsimandrava ny 11 Febroary 1975. Olona izay tsy niroa fo tokoa hikatsaka marina izay hanandratana ity firenena ity sy ny vahoaka eo aminy. Hita sy tsapan'ny vahoaka Malagasy izany tao am-po sy sain'io olomangany io ary tsy atao ho mahagaga raha niray fo tanteraka taminy izy ary latsa-dranomaso sy nitomany tamin'ny nahafatesany. Sarotra ihany ny hahitana olon-kafa eto amin'ity firenena ity, eo amin'ny fitondrana, hitomanian'ny vahoaka marobe sy alahelovany fatratra toy izany raha mody mandry. Voarakitra antsoratra ny momba ny niandohan'ny kolonely hatramin'ny nanendrena sy nahatonga azy teo amin'ny fitondrana. Fantatra ny foto-keviny izay miavaka tokoa ary ninoana fa nahatafavoaka ity Madagasikara ity hisandratra ara-pandrosoana. Tao anatin'ny fomba fiasany na mbola izy minisitra na filoham-panjakana no nahatarafana fa misy sokajin'olom-bitsy tsy hahazaka ny politikany satria voatohintohina ny tombontsoany. Ireo olom-bitsy ireo anefa no mikatsaka ny handroba ny firenena teto ary higalabona samirery izany. Avy amin'ireo no anisany nifofo ny ainy na dia tsy mivoaka sy afenina fatratra aza ny marina momba izany. Nahoana no ezahina afenina sy takonana fatratra io marina io? Ilain'ny vahoaka ny hahafantatra izany satria nandratra azy.

Tsy tokony hafangaro amin'ny tranga hafa ny andro nahafatesan'ny Kolonely Richard Ratsimandrava. Manana ny maha izy azy loatra izany lehilahy izany ary tsy misy toa azy hatreto ny eo anivon'ny foloalindahy Malagasy. Nampiavaka azy tamin'izany fotoana fony izy ministry ny atitany ny fandaharana Ala Olana tao amin'ny Radiom-pirenena, nitetezany an'i Madagasikara ary nahitany vaha-olana avokoa ireo olona nolazain'ny vahoaka taminy tamin'izany fandaharana tao amin'ny onjam-peom-pirenena izany. Izay indrindra no tsy tokony hampifangaroana io andro io amin' ny tranga hafa teto amin'ny firenena satria karazany miendrika ny hanao izay hanakonana ny olon-dratsy eto amin'ny firenena izany sy hampilamina azy any ambadika any kanefa nahavita heloka bevava eto amin'ity firenena ity. Ho lasa hanamaivana ihany koa ny andro 11 Febroary 1975 tokony homen-danja manokana no ahiana amin'izany. Aoka tsy hosarontsaronana ny asa ratsin'ny mpanao politika maloto tamin'io andro iray io.

Sôh'son

TONONKALO

Ianareo Rehetra Donto

Izay rehetra atahorana dia gejaina tsy hivoaka ,
Fa alatsaka ny didy mba ho fanenjehana azy ?
Tena hita be `nareo efa tena tsisy hapoaka,
Ireo mpamafy soa indray no toa kasaina homena sazy !

Tena tsy hainareo mihitsy ny mitandro fihavanana,
Ary koa ny soatoavina, tena tsy hainareo apetraka.
Ny mpizara fanampiana, ireny indray ve no sakanana,
Ry mpitondra diso lalana efa zatra mihetraketraka ?

Izay rehetra mba nambinina ka mitondra tolo-tanana,
Dia tsy ataonareo mitraka fa mahazo fandrahonana?
Ianareo Rehetra Donto ve no sisa aseho fa manana,
Fa ny fanampian'ny hafa dia raràna sy takonana?

Tena ontsa ny mpitazana eo am-pahitàna izany,
(Tena fihetsika tsy mendrika sady tena ambany loatra!)
Ny mahantra no tsinjovy sy tsimbino hatrany hatrany.
Ianareo Rehetra Donto, mba meteza koa hivoatra !

DADAN'i ZINA (10/02/2020)

11 FEBROARY 1975 (TOHINY)

Tantara feno ny namonoana ny Filoha Ratsimandrava

Efa noresahintsika tao amin'ny laharana farany teo ny fahafatesan'ny Kolonely Ratsimandrava ny 11 Febroary 1975.

Teny amin'ny tobin'ny zandary " La Catalane" teny Andrefan'Ambohijanahary izay lasa" Toby Ratsimandrava " nanomboka tamin'izany, no niandrasana ny nofo mangatsiakan'ny Filoha ary ny Sabotsy 15 Febroary 1975 no natao ny fandevenana azy teny Anjanahary, taty aoriana dia nafindra mangingina teny amin'ny fasampianakaviany teny Ambohimalaza.

Niroso tamin'ny fandaminana ny firenena ny Komitim-pitondrana Miaramila teo ambany fitarihan'ny Jeneraly Gilles Andriamahazo. Nahitana mpikambana 18 io komitim-pitondrana miaramila io Jeneraly 1, Lietna Kolonely 3, Komanda 5, Kapiteny 5,Lietna 4, manamboninahitra avy amin'ny Zandary sy ny Tafika, ka voasolotena tao avokoa ny an-tanety, an'habakabaka, an-dranomasina, servisy sivika, sns… ary tamin'ny fampahafantarana ireo mpikambana nataon'ny Jeneraly Andriamahazo ny alarobia 12 Febroary 1975 maraina taoamin'ny Radiom-pirenena dia natolotra isamparitany.

Ny Komitim-pitondrana miaramila no nampanao ny fanahadihadiana sy nampanangana ny" fitsarana miaramila" nitsara ny raharaha nahafaty ny Filoha Ratsimandrava , Mpitsara sivily sy Manamboninahitra miaramila no nandrafitra izany fitsarana izany, Rabemalanto no filohan'ny fitsarana ary Andriamiseza Roger no lehiben'ny fampanoavana, ny mpitsara avy ao amin' ny tafika nahitana ny Jeneraly Ramarolahy Philibert, ny Komanda Fiakara Jean Ferlin, ny Lietna Kolonely isany Rakotonirainy Lucien sy Ravelomanantsoa Jean.

Teo amin'ireo voampanga indray dia tao ny Filoha Philibert Tsiranana, ireo mpitarika tao amin'ny Antoko (PSM) André Resampa, Ramilamanana Samuel, Gabriel Ramananjato, sns… ny Kolonely isany Rajaonarison Brechard sy Rabetafika Roland, tao koa ry Istasse Georges, Bora Christian, Johasy Barthelemy, sns… sy ireo Gmp (Groupe Mobile de la Police) an-jatony.

Naharitra 3 volana ny fitsarana , nisy tranga voamarika nandritra ny fitsarana toy ny nilazan'ny Filoha Philibert Tsiranana hoe ny Kolonely Ratsimandrava amiko dia zanaka an-trano, satria ny rainy dia namako akaiky ary izaho Tsiranana no nahatonga azy ho komandin'ny Zandarimariampirenena, ny Kolonely Rabetafika indray dia niteny hoe mety tsy ato amin'ny fitsarana ny olona tompon'andraikitra amin'ny nahafaty ny Kolonely Ratsimandrava ary ny goavana indrindra tsy azo nohamaivanina dia ny fametraham-pialana nataon' ny Jeneraly Philibert Ramarolahy tsy ho mpitsara intsony tao amin'ilay tribonaly miaramila.

Nivoaka ny didy ny voalohandon'ny volana Jona 1975, votsotra avokoa ireo voampanga, Gmp 3 lahy sisa no notazonina 5 taona an-tranomaizina , tsy iza ireo fa, Maurice Alphonse sy Boto ary Laza Petit Jean, izy 3 lahy ireo no niaraka tamin'i Zimbo sy Mara Seta izay maty voatifitra teny Ambohijatovo ny 11 Febroary 1975.

Herinandro taorian'io dia niakatra teo amin'ny fitondrana ny Capitaine de fregate Didier Ratsiraka satria nisy ny fifampifidianana tao amin'ireo manamboninahitra 18 tao amin'ny Komitim-pitondrana miaramila, manamboninahitra 2 no nifaninana dia ny Capitaine de fregate Didier Ratsiraka sy ny Komanda Soja , ka ny Capitaine de fregate Ratsiraka no nahazo vato be indrindra , dia izy no napetraka ho filohampirenena ny alahady 15 Jona 1975, ankoatran'ny maha filohampirenena azy dia filohan'ny Filankevitra Faratampony amin'ny Tolompiavotana sady Lehiben'ny fitondrampanjakana koa; ny Jeneraly Andriamahazo dia namoronana toerana natao filohan'ny Komity Miaramila ho an'ny Fampandrosoana.

Nanao fianianana toy ny olona voafidimbahoaka ara-dalàna ny Filoha Ratsiraka tamin'izany, raha nandray fitenenana izy dia nanambara fa fitsaran'olombelona ihany no nitsara ny raharaha Ratsimandrava hoy izy fa tsy maintsy mbola hivoaka ny marina , ary dia nakariny ho Jeneraly ny Kolonely Ratsimandrava, dia nangina ny rehetra, marihina fa maro no nitsikera ny didy navoakan'ilay fitsarana miaramila.

Nandritra izay 45 taona izay tsy mbola nivoaka izay marina momba io raharaha nahafaty ny Filoha kolonely Richard Ratsimandrava io ,ny ankabeazan'ireo mpitsara na ny sivily na ny miaramila dia efa nodimandry avokoa, toy izany koa ireo voampanga, hatramin'ny vadin' ny Filoha sy ny anabaviny tokana: Juliette Ratsimandrava aza samy efa lasa avokoa.

Isaky ny 11 Febroary dia misy tsy tapaka ny fametrahana fehezam-boninkazo eny amin'ny tsangambato eny Ambohijatovo Ambony, ka ny Zandarimariampirenena no tompon'ny fikarakarana, tamin'ny 11 Febroary 2015 nahafeno 40 taona katroka ny nahafatesan'ny Filoha dia nivoaka ny fanambarana fa tsy ho tadiavina intsony ny marina mikasika ny nahafaty azy. Ny Kolonely Ratsimandrava no teratany Malagasy voalohany nifehy ny Zandarimariampirenena, sarotiny izy tamin'ny teny filamatra manao hoe "Tanindrazana sy Lalàna" ary indrindra amin'ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany. Ankehitriny efa tsy misy amperin'asa intsony ireo zandary niaraka tamin'ny Kolonely Ratsimandrava, tsikaritra fa tsy voahaja matetika ilay teny filamatra manao hoe "Tanindrazana sy Lalàna", satria toa ireo mpitondra no lasa "tanindrazana" arovan'ny mpitantana sasany amin'ny Zandarimariampirenena ary ny vahoaka dia tsy voaharo amin'ny asan-dahalo.

Mikasika ny rafitra fokonolona, izay nahasaropiaro ny Kolonely Ratsimandrava dia indrisy, fa atao fitaovana hampahomby ny hosoka amin'ny fifidianana ny fokontany nanomboka tamin'ny taona 2009, ka mandrak'ankehitriny.

Mikasika ny komitim-pitondrana miaramila, izay nandamina ny raharaha dia tsy nahavita nampahomby ny fitsarana, fa dia lasa fitaovana nakandRatsiraka fahefana fotsiny, ary ny komitim-pitondrana miaramila tamin'ny taona 2009 indray , izay nomen'ny Filoha Ravalomanana ny fahefana dia niamboho adidy, ka namindra ny fahefana tany amin'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina, kanefa manamboninahitra bekintana avokoa.

Fa 45 taona aty aoriana mbola misy ny vahoaka Malagasy tsy hiamboho adidy saingy miandry fotoana.

Ny Valosoa